



## Misy marina ny helo, efa tany aho. Jennifer Perez

*Fijoroam-bavolombelon'Ankizivavy iray 15 taona notezaina tao amin'ny fianakaviana kristiana. Nivily lâlana izy taty aoriania : Diso fatra ny rongony nofohiny ka nony andalam-pahafatesana izy dia hitany fa nentina tany amin'ny helo ny fanahiny. Soa ihany fa nomena famindram-po farany izy ka naverina hampita hafatra maika ho fampitandremana ireo fanahy very sy tsy mahita haleha ary ireo miroa ssaina.*

<http://www.divinerevelations.info/MALAGASSY>  
*(Nadika avy tamina raki-peo)*

Andriamanitra anie hitahy anareo rahavavy sy ranadahy isany, ‘Ndeha isika hamaky ny teny ao amin’ny joela [3:1](#)  
**“Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin’ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, Ny lahi-antitrareo hanonofy, Ary ny zatovonareo hahita fahitana”**

Jennifer Perez no anarako, 15 taona aho izao. Amin’ny mahazatovo dia sarotra ho ahy ny hijoro ka hiaiky ny fahadisoako eto anatrehanareo; Fa ny fanahy masina no hanampy ahy ka hanome ahy ny hery ilaina amin’izany.

Mialoha ny rehetra nefo dia tiako ny manambara fa ho voninahitr’I Jesosy Kristy no anaovako izao. Tsipihiko fa tsy manana eritreritra hanazava na hanangana antokom-pivavahana aho fa hilaza aminareo fotsiny ny zavatra hitako sy reko ary niainako.

Horesahiko tssotssotra aminareo ny momba ny fianakaviako. Kristiana ireo ray aman-dreniko, nanome ahy ohatra tsara hatrany izy ireo ary tsy nitsahatra nanoro ahy ny lâlan’ny Tompo. 3 taona izay no niovako fo ho kristiana rehefa nanaiky ny tombo niaraka ttamin-dranadahy [Nicky Cruz](#). aho

Nanara-dia ny Tompo aho nandrity ny 2 taona fa rehefa niditra teny amin’ny lycée kosa dia nanomboka naditra ka nandao ny lâla-marina. Nikomy tamin’ireo ray aman-dreniko aho ka nanomboka nidoroka zava-mahadomelina. Ireo namako no nampianatra ahy nifoka tamin’ny voalohany.

Kristiana aho, hoyo ho ; ary niezaka nitaona ireo namako; nefo indrisy fa izy ireo indray no nahatarika ahy hanaraka ny fanaon’izao tontolo izao.

Lasa mpamalivaly ray amandreny aho, nihevitra izy ireo fa ny maha”adolantsento” ahy no anton’izany. Nefo raha ny marina dia ny rongony sy ireo fanahy ratsy niditra tato amiko no nahatonga ahy tsy hankato ray amandreny. Sarotiny tamiko izy ireo, ary tsy namela ahy hivoaka ny trano, Indrindra fa hoe handany ny alina any amin’ny namana.

Noho izany dia niafina foana aho rehefa nanao ny ataoko. Ningitrika tsy nianatra matetika aho hahafahako manao ny fomba ratsy nahazatra ahy, nanao tsidi-pahitra ny sekoly. Efa nanomboka nandevoozin’ny rongony aho Fa nesorin’ny Tompo tamin’izany rehetra izany. Kristiana aho, araky ny nolazaiko teo.

Tamin’ny 2 mai 1997 no niatombohan’ny tantara. Nana-namana tovolahy iray izay aho, mpinamana fotsiny izahay ary fantany tsara izany, nihevitra aho fa mahafantatra azy tsara nefo hay diso ny eritreritro. Niantso ahy izy io hariva io nanontany raha afaka mivoaka aho. Tsy tao ireo ray amandreniko tamin’io.

Araky ny fanaony isaky ny zoma hariva dia nanatrika fotoam-bavaka izy ireo. Nilaza tamin'izy ireo aho fa hijanona tao an-trano fa manao tssy metimety. Tezitra mantsy aho fa efa nanam-pikasana hivoaka miaraka amin'ny namako hafa fa tsy navelany. Niangavy azy ireo aho, noho izany, hijanona ka nekeny.

Lasa tany amin'ny fotoam-bavaka izy ireo, ary namerina niantso ahy ilay namako ka hoy izy: «*Toa mbola tsy mivoaka ihany, nef a ny ankizy efa aty daholo ?* » Fa hoy aho anakampo : «*Tsy te-hanohitra ny tenin'ireo ray amandreniko aho nef a mety tsy ho fantany mihitsy raha mangalatra mivoaka,*» ary nataoko tokoa izany.

Raha vao tonga ireo ray amandreniko dia natory. Izaho kosa niomankomana, Rehefa vonona dia nantsoiko ilay namako ka nasaiko niandry ahy teo amin'ny sisin-dàlana iray. Nohafarako izy tssy handalo eo anoloan'ny tranonay sao mamoha ireo ray amandreniko ka hanimba zavatra.

Ary nasiako ondana maromaro tao anaty bodofotsy ka nivoaka avy teo am-baravarankely aho. Misy rihana ny tranonay, ary mihidy amin'ny visy avokoa ny varavarankely rehetra. Noho ny fahatokisan'ireo ray amandreniko ahy nef a dia tsy novisiana ny ahy.

Nohararaotiko izany fahatokisana ahy izany ka nitsambikina avy eny ambony aho ka nitotona tamin'ny tany. Ny Tompo no efa nandamina ny rehetra satria raha tapaka teo ny tongotro dia tsy ho to ny drafitra efa nomaniny.

Namonjy ilay toerana aho, ary efa teo ilay namako. Niditra tao anatin'ilay fiara aho, ka efa nisy lehilahy 3 sy vehivavy 1 tao. Hoya ho anakam-po, «*Hanala azy tanteraka aho androany, hisotro sy hidoroka* ». Satria lehilahy 3 sy vehivavy 1 no teo dia natahotra ihany aho sao hohararaotin'izy ireo. Na izany aza nef a, niditra tao anaty fiara ihany aho ary niainga izahay. Io namako io mantsy raha niresaka tamiko tamin'ny finday dia nilaza fa hitsangatsangana manerana ny tanàna fotsiny izahay. Hoya ho : « *ok, tsara kosa izany* », Izay no antony nandehanako. Tsy tao antsainko mihitsy ny hitondrany ahy any amin'ny chambre, satria tany aho no nentiny.

Rehefa tonga tao izahay dia navelan'izy ireo tao amin'ny trano fiandrasana. Nampiandrasiny tao izahay satria, hono, mbola misy namana hafa halainy. Ok, hoy aho, nef a inoako fa lasa nanofa chamber izy ireo. Niverina izy ireo ka nentiny tao amin'ilay chambre izahay. Hoy izy ireo tamin'izay : «*Aza mikoropaka, matokisa anay, tsy hanao na inona na inona anareo izahay, Hiandry io namana iray io fotsiny isika dia hiara-hiainga avy eo.* »

Natoky ireo namako aho noho izny. Nihevitra aho fa tssy hanisy ratssy ahy izy ireo, Nef a hay tsy tena fantatro tsara izy ireo raha ny marina.

Niresadresaka fotsiny izahay tamin'ny voalohany, Ary hoy aho : «*Tsy aleo ve mitady zava-pisotro any no sady mitohy ihany ny resaka?* ». Ary niala tao amin'ilay efitra izahay ka namonjy toeram-pisakafoanana teo am-pita. Sprite telo no novidianay ary niverina tao amin'ilay efitra izahay. Nanomboka nararak'izy ireo tao am-bera ireo zava-pisotro. Tsy nitondra kitapo izy ireo na zavatra hafahafa mety ho nahatonga ahy hieritreritra fa hasiany zavatra ny verako na hoe mety hisy zavatra hafa hataony. Toy ny tsy nisy ahiana ny fijeriko ny teo.

Nankany amin'ny trano fisainana vetivety aho hanamboatra volo sy hanao ny fanaon'ny vehivavy, ka rehefa niverina dia efa feno ny verako. Nampiditra siligaoma misy frezy tao am-bavako aho ary nisotro avy hatrany ilay noheveriko ho Sprite. Tsy nisy tsaroako izay nitranga taorian'io.

Ny hany zavatra hitako dia fanahy miala ny vatako sy izaho efa Tany amin'ny hopitaly hoddinina mpiasan'ny fahasalamana maromaro. Ivelan'ny vatako aho, ary indro ny vatako eo am-pandriana. Hitanareo, rehefa manoloana fitaratra ianareo dia mahita anareo eo. Tsy ny taratry akory no hitako tamin'io fa ny vatako eo am-pandriana. Nitodika aho ka indro nisy lehilahy 2 manao akanjo mena, «'ndao hiaraka aminay», hoy izy ireo, ary samy nandray ny iray amin'ny tanako izy 2.

Nentin'izy ireo tamina toerana iray aho, ary hitako fa ny lanitra io! Ny zavatra hitako voalohany dia rindrina fotsy matevimbé sady lava tsy hita fara. Eo afovoan'io rindrina io misy varavarana lehibe mihidy.

Ao amin'ny testamenta taloha i Mosesy dia miresaka momba ny tabernakely sy manoritsoritra ny endriny. Tsaroako io andalan-teny io ary hitako fa mitovy aminy ilay rindrina. Eo akaikin'io varavarana io misy sez aly, ary misy sez aly kelikely kokoa eo ankavanana. Toy ny vita amin'ny volamena no fijery azy.

Fa teo ankavanako kosa nisy varavarana mainty ngizina, Noho ny hamaintisany dia tsy fantattro ho varavarana ilay izy raha tsy ny famohana azy. Faran'izay ratsy ilay varavarana. Teo ankaviako ny paradisa misy hazo sy rano manjelanjelatra ary ahi-maitso. Tsara sy milamina ilay toerana saingy tsy nisy olona.

Nijery aho ka indro teo alohako ny Ray. Tsy hitako ny endriny noho ny famirapiratry ny voninahiny lehibe sy mazava aoka izany ka manazava ny ao an-danitra iray manontolo. Ny voninahiny no mampamiratra ny rehetra, Any tsy misy masoandro na volana na kintana, izy no fahazavana. Hitako ny endriny miaraka amin'ny zanany, Ao anatin'ny iray ny iray, mitambatra izy ireo, Hita ihany ny fisarahany nefo mitambatra toy ny vatana iray.

Teo akaikin'izy ireo nisy anjely roa,i gabriela sy mikaela. Fantattro izy ireo satria voasoratra amin'ny ranombolamena eo amin'ny handrin'izy ireo ny anarany.

Rehefa teo anilan'ny ray aho dia nahatsiaro tena ho maloto tanteraka ka nandohalika sady nitomany. Nahatsiaro menatra tanteraka aho, Raha navela ho hitako ny endriny dia tsy ho tafijery ihany aho noho ny henatro lalina. Teo alohan'ny Tompo aho, ary nasehony ahy ny fiainako nanomboka hatramin'ny fiandohany ka hatramin'izao. Nolazainy tamiko fa ny tena zava-dehibe dia izay nataoko taorian'ny nahavoavonjy ahy. Nilaza tamin'ireo namako aho fa kristiana nefo tsy namoa voa tsara. Nolazainy tamiko koa fa any amin'ny helo no anjara toerako.

Ary ny anjely Gabriela nanantona ahy ka nandray ahy ary nitondra ahy teo amin'ilay varavarana mainty ratssy be, tsy tiako hojerena akory. Niezaka nijanona aho saingy fanahy ka nanavatsava ilay varavarana. Rehefa tafita ilay varavarana dia tonga maizina tanteraka ny andro ka tsy hitako na dia ny tenako aza.

Avy eo dia nidina tamin'ny hafainganam-pandeha faran'izay mafy izahay.

Arakaraky ny idinanay no mampitombo ny hafanana. Nakipiko ny masoko fa tsy te-hahafantatra ny toerana misy anay aho. Rehefa nijanona izahay dia nahiratro indray ny masoko ka indro izahay efa teo amina lalam-be iray. Tsy fantattro na mitondra mankaiza io lalana ion a mankaiza fa ny zavatra tsapako voalohany dia izaho nangetaheta mafy. Tsy mitsahatra miteny amin'ilay anjely aho hoe «mangetaheta aho, mangetaheta» fa toy ny tsy reny.

Nanomboka nitomany aho nef a vantany vao nilatsaka teo amin'ny takolako ny ranomasoko dia mientona avy hatrany. Ary nisy fofona solifara tany, toy ny pneux may. Nandramako notampenana ny oroko fa vao maika loza. Nihanitombo ny faladin'ireo retssi-pandreko dimy. Arakaraky ny anampenako orona no vao maika mampahery vaika ilay fofon-tssolifara. Eny fa na ireo volovolo teo amin'ny sandriko aza dia nanjavona avokoa, Tsaroako nandre hafanana be aho, nanevokevoka ny andro.

Raha nanaramaso ny manodidina aho dia nahita olona maro ampijalian'ny devoly, nisy vitssivitsy amin'ireo nanaitra ny masoko. Nisy vehivavy iray ampahorian'ny devoly ka mijaly mafy. Tapahin'ilay devoly ny lohany, ary tombotombohiny amin'ny lefona maranitra tsy ananany antra ny tenany rehetra. Ny masonry, ny vatany, ny tongony, ny tanany, Tsy namindra fo mihitsy izy. Averiny amin'ny vatan'ilay vehivavy avy eo ny lohany, ary tombotombohiny hatrany hatrany izy. Mikiakiaka tolokompahafatesana izy amin'izany.

Ary nahita devoly hafa indray aho nampijaly tovolahy tokony ho 21 na 23 taona. Misy rojovy ny vozon'io lehilahy io, ary mitsangana manoloana lavaka feno afo izy. Tsindronin'ilay devoly amin'ny zava-maranitra lava ny masonry sy ny faritra rehetra amin'ny tenany. Raisin'io devoly io amin'ny volony izy ary atsipiny amin'ny alalan'ilay rojovy ao anaty afo, avoakany ary tsindrotsindroniny indray. Mitohy tsy mitsahatra izany rehetra izany, ary rehefa ao anaty afo izy dia tsy reko ny feony fa rehefa avoakan'ilay devoly tao dia mikiakiaka toy ny ho faty. Nezahiko notampenana ny sofiko fa henjana ilay kiakiaka nef a mbola reko ihany, nihanalady mantsy ny sofiko.

Ary nijery devoly iray izay aho, ratsy dia ratsy ilay izy. Ratsy avokoa ireo roa teo aloha fa ity iray ity kosa tsy azo oharina ny haratsiany. Mitovy endrikendrika amina biby maromaro izy, Tsy ho haiko ny hamariparitra azy amin'ny teny. Mandehandeha eny izy mampatahotra ny olona, ary tena mihorohoro tokoa ny olona. Ary nahita devoly hafa indray aho, tsara tarehy izy io, mitovy amin'ireo anjelin'Andriamanitra nef a tsy izy. Ny mahasamy hafa azy amin'ny anjelin'Andriamanitra dia ny anarany tsy misoratra amin'ny handriny, tsy toy ny an'ny anjely.

Taorian'izay dia natopiko tany amin'ny anjely gabriela ny fijeriko. Miandranda lanitra izy, angambba tsy te-hijery ny fampahoriana ny olona. Ary hoyo ho anakam-po «*Fa nahoana izy no mbola eo ? fa izaho angaha moa tsy tokony hiandry ny anjara kapoakako amin'ny fampijaliana?*». Nangetaheta fatratra aho, ary nitaraina taminy hoe, «*Mangetaheta aho, mila rano!*»

Reny amin'izay aho teo satria nijery tany ambany izy ary nanao tamiko hoe: «*Hanome anao chance farany ny Tompo*». Raha vantany vao niteny izany izy dia afaka avokoa ny hetahetako, ny tolokoko, ny ratrako, Tsy nisy intssony. Nahatsapa fiadanant-saina tsy misy toy izany aho. Noraisiny ny tanako, fa iny izahay hiakatra iny indrindra no nandre feo miantso mafy ny anarako aho: «*Jennifer, ampio aho, vonjeo!*» Nijery tany ambany aho hamantatra io olona io nef a natelin'ny afo ny tarehiny. Feom-behivavy ilay izy. Ireo sandriny natsotrany nankaty amiko miangavy fanampiana fotsiny no hitako.

Te-hanampy azy mafy aho nef a tsy afaka satria manavatsava ao anaty sandriny fotsiny ny ahy. Te-hanampy azy aho nef a...hitاناراء، tsy manam-panantenana intsony izy. Tsy misy azoko atao aminy intsony.

Ary nijerijery ny manodidina aho ka nahatsikaritra ny namako sy olona tsy fantattro ary olon-kafa koa. Toy ny olona efa hitako matetika izy ireo nef a tsy fantattro, tsy fantattro ny fiaimpainany. Fa rehefa nahita mpiaramanatra tamiko aho vao tena torovana ny foko ka hoy aho: «*Angamba ny tsy fijoroako tsara no nahatonga azy ireo tsy nanam-paniriana hahalala an'andriamanitra ka nanalavirany azy, nilaza aho fa kristiana nef a tsy nampihariko tamin'ny fiainako akory izany. Mety ho avy tamiko no nahatonga azy ireo aty* ».

Ary hitako fa tsy misy vanim-potoana any amin'ny helo, tsy misy lasa, na ankehitriny, na ho avy. Mitovy avokoa ny fotoana rehetra amin'ny olona any. Araky ny nolazaiko teo dia tsy manankevitra hanangana antokom-pinoana vaovao aho,, fa izany rehetra izany no hitako tany amin'io toerana io. Mbola velona ireo olona ireo izao isika miteny izao.

Ary ilay anjely nitondra ahy teo anatrehan'Andriamanitra indray. Rehefa nanoloana azy aho dia nandohalika

sady nitomany tsy nitsahatra. Tsy nitraka aho noho ny henatro ny tenako. Fa ny Tompo kosa nanao tamiko tamin'ny feo malefaka hoe: “**Tia anao aho**”, toy ny itiavany anao mihaino ahy io. Fa fotsiny, tamin’izay izy niresaka tamiko mivantana, nolazainy fa namela ahy izy tamin’ireo zava-dratsy rehetra vitako fony izaho nanisy ratsy azy. Navelany ny heloko.

Ary Andriamanitra njery ahy ka nanoro ahy zavatra maro. Natorony ahy izao tontolo izao, ny tany. Ary hitako fa nisy zavatra malefaka toy ny couche d’ozonenanodidina ny tany, nalefaka aoka izany ny fijery azy ka tiako hokasihina. Nokasihiko ka fantattro fa ny fanahy masina io satria nataony batisa aho ary nanomboka niteny amin’ny fiteny tssy fantatra.

Tamin’izay indrindra no niandrandra aho ka maro ireo fanahy ratssy nivoaka avy tao amiko. Rehefa mifoka aho ka mamon-drongony dia mikorontana ny saina amam-panahiko, ary mamoha varavarana hidiran’ireo fanahy ratsy ato amiko. Mampijaly ahy izy ireo. Tsy tompon’ny tenako aho ka ireo fanahy ratsy ireo no mitondra ny tenako. Hoy ny tenin’Andriamanitra : Rehefa madio ny tranonao dia miezaka miverina indray ilay fanahy ratssy ary miaraka amin’ny namany 7 hafa. Nadio ny tranoko tamin’ny izaho voavonjy.

Rehefa natao batisa aho dia nahita fanahy ratsy 7 nitondra fanahy 7 hafa, ary ireo hafa koa dia nitondra 7 tsirairay avy ka tsy voaisako intsony. Ary ny Tompo nanafaka ahy tamin’ireny fanahy ratsy ireny. Nasehony ahy koa ny ho avy, ny tany sy izay hitrangga sy ho hita ety manomboka izao ka hatramin’ny andro fampakarana.

Tsy naneho ahy ny fampakarana izy fa izay zavatra hitranga mialoha azy ihany. Isanandro isanandro dia mihamanakaiky hatrany isika, ary lazaiko aminareo fa efa tena kely sisa. Mila mandini-tena ianao amin’ny fainanao ka mamantatra : “*Efa vonona ve aho hiaraka amin’ny tempo ?*”

Ary ny Tompo nanafatra ahy tsy  
hilazalaza amin’olona ny zavatra  
natorony ahy fa kosa hiandry sy  
hanamarina fa efa akaiky ny  
farany.

Tsy te-hanohitra an’Andriamanitra aho ka tsy hilaza izay hitako tany. Manamafy sy mampitandrina kosa nef afa efa tena akaiky ny andro fampakarana.

Hitako ao amin’ny joela 3:1 ny iray amin’ireo faminaniana farany ankoatr’ireo hafa rehetra efa tanteraka. Io faminaniana io irery sisa no mbola tsy tanteraka, nef a manambara aminareo aho fa efa tanteraka izy izao. Maro ireo tanora hitsangana ka hitory ny tenin’Andriamanitra.

Te-hanangana tafika ivondronan’y tanora ny devoly nef a Andriamanitra mbola mahery kokoa. Raha manaiky azy marina ianao ka tena te-hanombpo azy dia hanome anao ny hery handresena ny devoly izy hahafahanao mitory ny teniny manerana izao tontolo izao araky ny nandidiany ao amin’ny baiboly.

Nolazainy tamiko fa nomena iraka manokana aho, dia ny hitantara izay hitako amin’ny tanora.  
Ka na tsy te-hanao izany aza aho dia tsy maintsy ataoko satria baikon’ny Tompo.

Rehefa niverina niditra tao amin’ny vatako aho ka nifoha dia efa tany amin’ny hôpitaly. Nojereko ny manodidina ahy ary indro feno fanjaitra ny sandriko, ary misy fitaovana hafa koa mitsapa ny foko,fantsona. Teo dia niditra ireo ray aman-dreniko, ary nanomboka nitomany aho. Nasiaka ny mason’izy ireo fa ny Tompo kosa efa nilaza tamiko ny hitantarako ny zava-drehetra nisy, ary nataoko izany.

Rehefa niditra ilay mpitsabo mpanampy dia nilaza ho efa nanahy mafy ny amiko, Nolazainy fa in-3 aho no laza dia miverina indray, dia toy izany hatrany. Tsy mahatssiaro tena dia mahatsiaro indray. Tamin’ny iray

tamin'ireo aza, hoy izy, dia efa saika tssy hiverina intsony aho ka natahotra mafy izy ireo. Nolazainy koa fa efa nandroatra ny vavako, nimonomonona aho fa tssy nisy azon'izy ireo izay nolazaiko.

Tamin'io alina io ihany koa dia nanonofy ratsy i mama. Ary nankao amin'ny efitranon'ireo ray amandreniko ilay alikakely mpiara-matory amiko ka nandrangotra ny sandrinny mba hamoha azy. Rehefa taitra izy dia nankao anefitranoko ka nahita ireo ondana milamina tsara. Nihevitra ahy ho tao am-pandriana izy ka niverina tany anefitranony indray. Avy eo izy nahita jirona pôlisy avy teo am-baravarankely. Nanakaiky izy ka nahita pôlisy nanatona ny tranonay ka nofohaziny I dada.

Nasain'ireo pôlisy hiantso any amin'ny paositra izy ireo hangata-panazavana. Fantatr'izy ireo teo fa voapoizina aho ary any amin'ny hôpitaly. Fa tamin'io indrindra, niresaka tamin'i dada ny Tompo ka nilaza taminy tsy hanahiahay satria eo ampelantanany aho, Tsy natahotra I dada noho izany. Nijanona 3 andro tany amin'ny hôpitaly aho.

Herinandro taorian'io dia nifampiresaka tamin'ireo mpanao fanadihadiana izahay ka notantaraINY ny zavanniranga tamin'io alina io. Nolazainy fa tsy tokony nivoaka koa ilay vehivavy niaraka taminay. Nanahy mafy ny rainy ka nivenjiveny nitady azy tamin'ny fiara. Rehefa tsy nahita dia nankany amin'ny paosity ny pôlisy. Ary ny polisy tao nampandre ireo mpiara-miasa aminy ny amin'ny fiara nentin'ilay namako. Ary nisy pôlisy tsy niasa iray tao amin'ny mpivarotra fiara iray fa hitady fiara efa niasa. Natopiny ny masonry ka tsikariny ilay fiaran'ilay namako ary nampandre ny paosity ny polisy izy.

Rehefa tonga hanadihady ireo polisy dia nijanona tamina toeran-kafa ilay fiara. Tany amin'ny rihana voalohany amin'ny sisiny izahay. Nanao fisavana ry zareo hahitana ny tompon'ilay fiara tao ivelany ka natombony tao amin'ny efitra nisy anay izany. Tsy ilay vehivavy no tena notadiavin'izy ireo fa ny tompon'ilay fiara.

Rehefa nandondona izy ireo ka namoha varavarana dia nahita ahy tsy nahatsiaro tena teo amin'ny tany ka lasa. Nihevitra ilay namako fa tsy hiverina intsony izy ireo, nefo nitady ambulance no nandehanany. Tsy ela akory, indreto nisy pôlisy hafa vitssivitsy tonga hamantatra ny zava-nisy. Novohain'izy ireo ny varavarana, ary tamin'izay indrindra ilay namako, ilay niresahako, ilay natokisako no indro efa vonona dia vonona hanolana ahy. Fa ny Tompo nampiassa ireo pôlisy ka tsy nisy azony natao. Izany indrindra no isaorako an'Andriamanitra, noho ny famindram-pony amiko.

Nanampy ahy koa ny vavak'ireo ray amandreniko. Ho anareo ray amandreny, aza mitssahatra mihitsy ny mivavaka ho an'ireo zanakareo. Tohizo hatrany ny fanandratam-bavaka ho azy na dia tssy mandeha amin'ny lalan'ny Tompo aza izy, aza kivy. Tsy nanaiky mihitssy ireo ray amandreniko ka jereo izaho izao; Mitoky ny tenin'Andriamanitra ka mampita amin'ireo tanora ny tokony hanompoany an'Andriamanitra, fa mila azy ireo izy.

Te-hanafatra ny tanora koa aho, Tokony hieritreritra ianao ka handini-tena lalina. Inona no andanianao ron-doha amin'izay eritrerity ny olona momba anao? Taloha aho nanontany tena foana ny fihevity ny olona ahy. Nefa Izy ireo tsy misy ho eo rehefa hifanatrika amin'ny tomopo aho.

Tsaroako fa raha teo anoloan'i Jesosy aho dia Tsy teo ireo namako hanampy ahy,, tssy teo koa ireo havako, ary na ny pmpitandrina, na ny fiangonana dia tsy nisy teo avokoa. Izaho irery no teo, ary tsy maintsy niaro tena irery.

Tsy afaka mandainga ianao eo anatrehany satria izy masina. Tany dia tsapako fa tsy mendrika ahy ilay toerana, nilona tanatina fahotana mantssy aho nefo masina ny lanitra.

Ambarako aminao ary izao fa raha mbola tsy nanaiky ny tomopo ianao dia ekeo izy anio. Izany no fanapahan-kevitra ngeza indrindra horaisinao amin'ny fiaiananao. Tsy hampatahotra anao ny amin'ny zava-misy any an-

danitra akory no itenenako izany, fa kosa ny hahatsapanao ny famindram-pony sy ny fitiavany antsika. Ny ray, izy dia nahafoy ny zanany ho faty ho antsika. Noho izany mamela ny helontsika ny piti-dra rehetra nalatsany. Raha manaiky ny Tompo ianao dia io no fanapahan-kevitra lehibe indrindra horaisinao mandritry ny fiaianao. Manatona ny Tompo na inona na inona holazain'ny olona momba anao.

Raha tena te-hanompo ny Tompo ianao dia ataovy amin'ny fo izany fa aza tenenina amin'ny vava fotsiny, teneno amin'ny fo sy fanahinao. Aza manahy ny ho avy, ny ankehitriny aloha heverina, Tsy fantatrao ny fotoana hahafatesanao. 15 taona aho, ary tsy nieritreritra ny ho faty amin'izany taonako izany, tsia.

Izany no tokony hieritreretanao. Tsy ahy ny aiko, tsy anao ny ainao, ny aina dia an'Andriamanitra. Nefa isika tsy manam-panahiana fa faly mandeha amin'ny fiaianan'izao tontolo izao sy manao ny fanaony.

Manome zavatra maro izao tontolo izao, nefo tsarovy fa Andriamanitra manome ny tsara kokoa. Manana helo sy fahotana izao tontolo izao, fa Andriamanitra kosa manana ny fiaianana mandrakizay tsy manampetra.

Raha manaiky ny Tompo ianao izao dia iangaviako anondrika ny lohanao sy hanakipy ny masonao: "*Andriamanitra Tompo ô ! Manatona anao amin'ny anaran'i Jesosy aho. Eny ry Andriamanitra Tompoko, Izao ankehitriny izao dia manaiky anao ho mpamonjiko aho, Sitrako indrindra raha miditra antsehatra amin'ny fiaianako ianao. Araky ny nolazain'io (ranabavy na rahavavy) io dia misy marina ny helo ary efa tany izy. Tompo ô ! Tsy te-ho anya ho, tssy tiako hoeritreretina akory izany hoe hankany. Andriamanitratompo ô ! mamela ny heloka vitako. Avelao ny fahotako rehetra.*

*Aborako aminao avokoa ry Tompo Andriamanitro ireo fahotana rehetra nataoko tany amin'ny mangingina. Avelao izy ireny raha azo atao. Jesosy Tompo ô ! Mino aho fa maty teo amin'ny hazo fijaliana ianao ary nandresy ny fahafatesana. Mino aho fa hiditra ao am-poko ianao ka hanjaka ao. Hamaky ny teninao aho ka hanakaiky azy hatrany. Ho any ampiangonana koa aho ry Tompo Andriamanitra satria fantatro fa any ianao. Ianao efa nilaza fa raha misy 2 na 3 mmivory amin'ny anaranao dia eo afovoany ianao. Andriamanitra TOMPO ô ! Te-ho any amin'izay rehetra misy anao aho, Amin'ny anaran'i Jesosy no anaovako izany vavaka izany, amen"*

Raha nataonao ilay vavaka teo dia lazaiko fa tonga soa ato amin'ny fanjakan'ny lanitra ianao. Ankehitriny dia manana zoky sy zandry maro ianao manerana izao tontolo izao. Ity no fanapahan-kevitra ngeza indrindra noraisinao amin'ny fiaianao ka hazony mafy. Aza miverin-dalana, Izao tontolo izao mitondra any amin'ny fahafatesana fa Andriamanitra kosa mitondra any amin'ny fiaianana mandrakizay. Ny fotoana rehetra dia hevero ho toy ny andro sy ora farany iainanao. Raha nahakasika ny fonao ity fijoroana ity dia zarao amin'ny namanao mba handraisan'izy ireo an'Andriamanitra ao ampony koa. Aza avela handalo fotsiny izao fotoana izao satria mety ho ity no antso farany.

**Misy marina ny helo, efa tany aho.**

*Jennifer Perez*

Translated into MALAGASY by [Hery Rasolofoarinivo](#)